Teneno ny hoe : Là ilàha illalloahou = izany hoe : Tena marina fa tsy misy Tompo mendrika ho tompoina afa-tsy i Allah irery ihany, fa izany teny izany no hijoroko vavolom-belona ho Anao amin'ny Andro farany

Tatitra azo avy amin'i Abou Horairah (R.A) Niteny Izy ka nanao hoe : Niteny ilay Iraka mahafatokin' i Tompo Allah (S.A.W) tamin'ny Dadatoany ka nanao hoe : " Teneno ny hoe : Là ilàha illalloahou = izany hoe : Tena marina fa tsy misy Tompo mendrika ho tompoina afa-tsy i Allah irery ihany, fa izany teny izany no hijoroko vavolom-belona ho Anao amin'ny Andro farany " Hoy Izy namaly hoe : Raha tsy naneso sy nanome tsiny ahy amin'izany ireo foko sy firazanana Kouraisita - amin'ny fitenenan'izy ireo Ahy hoe : Ny tebiteby ihany no nahatonga azy hanao izany - dia ny mba ho nampifaly Anao tamin'izany Aho. Teo dia nampidinin'i Tompo Allah ilay andininy Soratra masina hoe : { Innaka Là Tahdy Man Ahbabta Waläki-nnalloaha Yahdiy Man Yasha = Tena marina fa Ianao dia tsy afaka mitarika izay Olona Tianao taritina ry Mouhammadi fa i Tompo Allah irery ihany no mitarika izay tiany } [Al-qasas :56].

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Niangavy an'ny dadatoany i Mpaminany (S.A.W) teo ampialan'aina mba hiteny an'ilay Teny hoe : Là ilàha illalloahou mba ahafahany hanelanelana Azy amin'ny Andro farany, ary ny mba hijorony vavolom-belona amin'ny finoana Islamo, nefa dia tsy nanaiky hijoro vavolom-belona Izy noho ny tahotra amin'ireo teny ratsy izay mety ho lazain'ireo foko sy firazanana Kouraishita ka mety hiteny Aminy izy ireo hanao hoe : Niditra Islam Izy nohon'ny tahotra amin'ny fahafatesana sy ny fahalemena fotsiny ! Ka Nilaza taminy i Mpaminany (S.A.W) : Raha tsy izany dia nampidiriko hafaliana tao Am-ponao amin'ny fitenenako ny Teny fijorona vavolom-belona ary ny tanjona izay tianao dia nomeko Anao, Nampidinin'i Tompo Allah ny andininy Soratra masina milaza fa tsy manam-pahefana amin'ny fampahitsiana Olona na dia iray aza ato amin'ny finoana Islam i Mpaminany (S.W.A) fa i Tompo Allah irery ihany no manana fahefana ny amin'ny fampahitsiana ny Olona, fa ny an'ny Mpaminany (S.W.A) dia manoro amin'ny toro-làlana sy hitsin-dàlana sy fampielezana amin'ny làlana mahitsy ihany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65069